



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



ASSEMBLEE NATIONALE  
ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA MANOKANA  
TAONA 2019

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

## **FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA VOALOHANY

**LANONAM-PANOKAFANA NY FOTOAM-PIVORIANA MANOKAN'NY  
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2019**

Fivoriana Voalohany  
Natao ny  
Talata 16 Jolay 2019  
- Maraina -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona  
Solombavambahoaka Zokiolona

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa TSARADIA Marco  
Solombavambahoaka Zandriolona

**FOTOANA:** Talata 16 Jolay 2019 tamin'ny 10 ora sy 20 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana manokan'ny Antanimierampirenena, taona 2019

- 1 -

- Fisokafan'ny fivoriana -

**Andriamatoa RATSIMBA Mamy Andrianaivo, Sekretera Jeneralin'ny Antanimierampirenena**

Tompokolahy sy Tompokovavy, faly miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana manokan'ny Antanimierampirenena, taona 2019 izao.

Araka ny andininy faha-5 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antanimierampirenena dia ny zokiolona sy ny zandriolona no mitarika ny fivoriana tahaka izao.

Koa voninahitra ho ahy ny manolotra anareo ny anaran'izy mianaka:

- Ny Zokiolona indrindra dia Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, voafidy tao Ambatofindarahana.
- Ny Zandriolona kosa dia Andriamatoa TSARADIA Marco, voafidy tao Ampanihy Andrefana.

Miangavy anareo mianaka mba hiakatra etỳ anoloana hitarika ny fivoriana araka izay voalaza teo ambony.

Taorian'izay, noredonina ny hiram-pirenena rehefa nahazo toerana teny amin'ny fitariham-pivoriana izy mianaka.

- Lakolosy -

- Tehaka -

**Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, ZOKIOLONA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, faly miarahaba antsika tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana manokan'ny Antanimierampirenena, taona 2019 izao.

Izao dia iangaviana Andriamatoa Zandriolona, hamaky ny andininy faha-78, andalana voalohany ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2019-1312, tamin'ny 3 Jolay 2019, miantso izao fivoriana izao.

**- Famakiana ny andininy faha-78 andalana voalohany ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2019-1312, tamin'ny 3 Jolay 2019 -**

**Andriamatoa TSARADIA Marco, ZANDRIOLONA**

Misaotra, Ramatoa Zokiolona, nanome ny fitenenana.

**Andininy faha-78, andalana voalohany ao amin'ny Lalàmpanorenana:**

Manao fivoriana manokana avy hatrany ny Antenimierampirenena ny Talata faharoa manaraka ny fanambarana ny vokatry ny fifidianana azy ireo mba hanangana ny biraony sy ny fanamboarana ny vaomiera.

Amin'ny fiteny frantsay no hamakiana ny Didim-panjakana amintsika rehetra izay mivaky toy izao:

**PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE**

.....

**DECRET N°2019-1312**

Portant convocation de l'Assemblée Nationale en Session Spéciale

**LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,**

Vu la Constitution,

Vu le Décret n°2019-016 du 21 janvier 2019 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

Vu le Décret n°2019-026 du 24 janvier 2019, modifié et complété par le Décret n°2019-360 du 20 mars 2019, portant nomination des Membres du Gouvernement;

Vu l'Arrêt n°45-HCC/AR du 2 juillet 2019 portant proclamation des résultats officiels des élections législatives du 27 mai 2019;

Sur proposition du Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation,

En Conseil des Ministres,

**DECRETE:**

**Article premier:** -Conformément aux dispositions de l'article 78 de la Constitution, l'Assemblée Nationale est convoquée en session spéciale en son siège à Tsimbazaza Antananarivo à partir du 16 juillet 2019 à 10 heures.

**Article 2:**-L'ordre du jour de cette session spéciale portera sur:

- la Constitution du bureau de l'Assemblée Nationale;
- la formation des commissions.

**Article 3:** -La session spéciale sera close après épuisement de l'ordre du jour.

**Article 4:** -En raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 de l'ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée, télévisée ou par affichage, indépendamment de son insertion au journal officiel de la République.

**Article 5:** -Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation et le Ministre de la Communication et de la Culture sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret.

Fait à Antananarivo, le 3 juillet 2019

**Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, ZOKIOLONA**

Misaotra an'Andriamatoa Zandriolona isika tamin'ny famakiana ny andinin-dalàna sy ny Didim-panjakana teo.

Mbola iangaviana indray, Andriamatoa Zandriolona, hamaky ny ampahany amin'ny didim-pitsarana laharana faha-45-HCC/AR tamin'ny 2 Jolay 2019, manambara ny vokatra ofisialin'ny fifidianana Solombavambahoaka eto amin'ny Antenimierampirenena izay natao ny faha-27 May 2019.

Rehefa voatonona ny anarana, iangaviana hitsangana ireo Solombavambahoaka mba ho fantatry ny besinimaro sy ahafahan'ny mpandraharahan'ny Antenimierampirenena manamarika ny fahatongavan'ny tsirairay.

- 3 -

**- Famakiana ny Didim-pitsarana laharana faha-45-HCC/AR tamin'ny 2 Jolay 2019  
manambara ny vokatra ofisialin'ny fifidianana Solombavambahoaka eto amin'ny  
Antenimierampirenena izay natao ny faha-27 May 2019 -**

**Andriamatoa TSARADIA Marco, ZANDRIOLONA**

Misaotra, Ramatoa Zokiolona, nanome ny fitenenana.

**Didim-pitsarana laharana faha-45-HCC/AR tamin'ny 2 Jolay 2019  
manambara ny vokatra ofisialin'ny fifidianana Solombavambahoaka  
eto amin'ny Antenimierampirenena izay natao ny faha-27 May 2019**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

**Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana**

-----

**NY FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA,**

**Araka ireto rijan-teny ireto:**

- Ny Lalàmpanorenana;
- Ny hitsivolana laharana faha-2001-003 tamin'ny 18 novambra 2001 anaovana ny lalàna fehizoro mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;
- Ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-008 tamin'ny 11 mey 2018 mikasika ny fitsipika ankapobe mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka;
- Ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-010 tamin'ny 11 mey 2018 mikasika ny fifidianana Solombavambahoaka ao amin'ny Antenimierampirenena;
- Ny didim-panjakana laharana faha-2018-640 tamin'ny 29 jona 2018 mamaritra ny fombafomba fampiharana ny fepetra sasantsasany amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-008 tamin'ny 11 mey 2018 mikasika ny fitsipika ankapobe mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka;
- Ny didim-panjakana laharana faha-2019-056 tamin'ny 01 febroary 2019 anaikana ny mpifidy handatsa-bato amin'ny fifidianana solombavambahoaka;
- Ny didim-panjakana laharana faha-2019-057 tamin'ny 01 febroary 2019 mamaritra ny modelin'ny singan-taratasy sasantsasany foronin'ny mpilatsa-kofidina rehetra amin'ny fifidianana solombavambahoaka;
- Ny didim-panjakana laharana faha-2019-058 tamin'ny 01 febroary 2019 mametra ny habetsahan'ny fandraisan'anjaran'ny mpilatsa-kofidina rehetra amin'ny sara fanotàna ny bileta amin'ny fifidianana solombavambahaoaka ary ny fombafomba fanonerana sy famerenam-bola;
- Ny didim-panjakana laharana faha-2019-059 tamin'ny 1 febroary 2019 mametra ny fombafomba fandaminana ny fifidianana solombavambahoaka;
- Ny didim-panjakana laharana faha-2019-189 tamin'ny 20 febroary 2019 mametra ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena, ny fitsinjarana ny toerana manerana ny tanim-pirenena ary ny famaritana ny fari-pifidianana amin'ny fifidianana solombavambahoaka;

**NY FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA DIA MAMOAKA IZAO DIDY IZAO**

**Andininy voalohany.**- Nodinihana araka ireto didim-pitsarana manaraka ireto ireo fitoriana mahakasika ny fifidianana solombavambahoaka natao ny 27 mey 2019:

- Didim-pitsarana lf. 40-HCC/AR tamin'ny 2 jolay 2019 momba ny tsy fahazoana mandray fitarainana mikasaika ny fifidianana solombavambahoaka natao ny 27 mey 2019;
- Didim-pitsarana lf. 41-HCC/AR tamin'ny 2 jolay 2019 momba ny fandavana fitarainana mikasika ny fifidianana solombavambahoaka natao ny 27 mey 2019, noho ny tsy fahampiana na tsy fisiana porofo;

- Didim-pitsarana lf. 42-HCC/AR tamin'ny 2 jolay 2019 momba ny fandikan-dalàna ara-keloka nandritra ny fifidianana solombavambahoaka natao ny 27 mey 2019;
- Didim-pitsarana lf.43-HCC/AR tamin'ny 2 jolay 2019 momba ny fitoriana fanatsoahana an-daharana candida nandritra ny fifidianana solombavambahoaka natao ny 27 mey 2019;
- Didim-pitsarana lf. 44-HCC/AR tamin'ny 2 jolay 2019 momba fangatahana hanao fanamarinana antontan-taratasim-pifidianana.

**Andininy faha 2.**- Tsy misy ny voka-pifidianana tao amin'ny birao fandatsaham-bato voalaza ao amin'ny andalana 11.

**Andininy faha 3.**- Foanana ny vato miisa 48, azon'ny kandida laharana faha-2 tamin'ny tsy ara-dalàna tao amin'ny birao fandatsaham-bato lf 440 114 040 101 Fokontany Ambatomainty Kaominina Bejofo, Distrikan'Analalava.

**Andininy faha 4.**- Foanana ny vato miisa 100, azon'ny kandida lf.2 tamin'ny tsy ara-dalàna tao amin'ny birao fandatsaham-bato lf.440 115 020 101 Fokontany Mangoaka Kaominina Andrevorevo, Distrikan'Analalava.

**Andininy faha 5.**- Foanana ny vokatra tamin'ireto birao fandatsaham-bato voatanisa ao amin'ny Andalana faha-15, 16, 17, 18 ary 19.

**Andininy faha 6.**- Ambara fa voafidy ho Solombavambahoakan'i Madagasikara, mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena, ireto kandida manaraka ireto:

#### **Faritra ANALAMANGA**

| DISTRIKA                  | ANARANA SY FANAMPINANARANA             | ANTOKO |
|---------------------------|--|--------|
| AMBOHIDRATRIMO            | RABENIRINA Maminiana<br>Solondraibe    | TIM    |
| AMBOHIDRATRIMO            | RAKOTOARISOA Nirina Fenohery<br>Johnny | IRD    |
| ANDRAMASINA               | ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina            | TIM    |
| ANJOZOROBE                | MBELO NDRIAMANAMPY Jean<br>Germain Odo | IRD    |
| ANKAZOBE                  | RALALASON Dera Harinjafimino           | IRD    |
| ANTANANARIVO-ATSIMONDRANO | RATSIMBAZAFY Alain Jean                | TIM    |
| ANTANANARIVO-ATSIMONDRANO | RATSIVAHINISOLO Andriniony             | IRD    |
| ANTANANARIVO AVARADRANO   | ANDRIAMBELOSOA Heriniaina              | IRD    |
| ANTANANARIVO AVARADRANO   | RANDRIAMBOLAINA Gerry                  | TIM    |

|                  |   |     |
|------------------|---|-----|
| ANTANANARIVO I   | RAZAFIMANANTSOA Lobo<br>Hanitriniaina   | TIM |
| ANTANANARIVO I   | ANDRIAMANALINARIVO Raymond<br>Michel Jo | IRD |
| ANTANANARIVO II  | RANDRIANARISOA Stanislas                | TIM |
| ANTANANARIVO II  | RAKOTOMANGA Lantoarivola<br>Sedera      | IRD |
| ANTANANARIVO III | RALAMBOMANANA Fenoharintsoa             | TIM |
| ANTANANARIVO III | RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo<br>Ny Aina  | IRD |
| ANTANANARIVO IV  | RAHASIMANANA Paul Bert                  | IRD |
| ANTANANARIVO IV  | RAMBOASALAMA Emilien                    | TIM |
| ANTANANARIVO V   | RAHOLDINA NAIVO<br>HERINANTSOINA        | IRD |
| ANTANANARIVO V   | RALAMBOZAFIMBOLOLONA<br>RAZAFITSIMIA    | TIM |
| ANTANANARIVO VI  | ANDRIAMAMPANDRY Todisoa<br>Manampy      | TIM |
| ANTANANARIVO VI  | RAKOTOARIMANANA Tiana<br>Maxime         | IRD |
| MANJAKANDRIANA   | ANDRIAMIASASOA Doda<br>Nirimboavonjy    | IRD |

### Faritra BONGOLAVA

| DISTRIKA        | ANARANA SY<br>FANAMPINANARANA      | ANTOKO                     |
|-----------------|------------------------------------|----------------------------|
| FENOARIVOBE     | RANDRIANARISOA Bien Aimé<br>Arsène | IRD                        |
| TSIROANOMANDIDY | RAMAHERIJAONA Hajanirina<br>Lanto  | IRD                        |
| TSIROANOMANDIDY | RAHOLIJAONA Harson                 | INDEPENDANT<br>RAHOLIJAONA |

**Faritra ITASY**

| DISTRIKA       | ANARANA SY FANAMPINANARANA                | ANTOKO |
|----------------|---|--------|
| ARIVONIMAMO    | RAKOTONDRAVOAVY<br>Andrianjafinjanakolona | IRD    |
| ARIVONIMAMO    | RAKOTOMANJATO Edmond<br>Rodin Georges     | TIM    |
| MIARINARIVO    | RAKOTONDRA SOA Fetra                      | IRD    |
| SOAVINANDRIANA | RAZAIHARIMALALA Harizaka<br>Fiainantsoa   | IRD    |

**Faritra VAKINANKARATRA**

| DISTRIKA     | ANARANA SY FANAMPINANARANA                 | ANTOKO                 |
|--------------|--|------------------------|
| AMBATOLAMPY  | RAKOTOMALALA Miarintsoa<br>Andriantsitonta | INDEPENDANT<br>RAMIM'S |
| ANTANIFOTSY  | RAFIDIMANANTSOA Narson                     | INDEPENDANT RAY DIA    |
| ANTANIFOTSY  | DONOVAN Sidonie Jimmy<br>Gertrude Johnny   | IRD                    |
| ANTSIRABE I  | JEAN FRANCOIS Michel                       | TIM                    |
| ANTSIRABE II | RANDRIAMANAMPISOA Alfred                   | IRD                    |
| ANTSIRABE II | RANDRIANANTENAINA Olivier<br>Antonny José  | TIM                    |
| BETAFO       | FIAROVANA Lovanirina Celestin              | IRD                    |
| FARATSIHO    | RASOLONJATOVO Honoré                       | IRD                    |
| MANDOTO      | RAKOTORAHALAHY Modeste                     | TIM                    |

**Faritra DIANA**

| DISTRIKA | ANARANA SY FANAMPINANARANA | ANTOKO                          |
|----------|----------------------------|---------------------------------|
| AMBANJA  | DARKHOUI Siritis           | INDEPENDANT<br>DARKHAOUI SIRITI |
| AMBILOBE | ASSIMO Bruno               | IRD                             |



|                |                                      |                        |
|----------------|--------------------------------------|------------------------|
| ANTSIRANANA I  | RAHELIHANTA Jocelyne                 | IRD                    |
| ANTSIRANANA I  | RAMENASON Rio Merci                  | IRD                    |
| ANTSIRANANA II | RAYMOND                              | INDEPENDANT<br>RAYMOND |
| NOSY-BE        | RAZAFINDRAVONY Marifidy<br>Christine | IRD                    |

**Faritra SAVA**

| DISTRIKA | ANARANA SY<br>FANAMPINANARANA | ANTOKO                       |
|----------|-------------------------------|------------------------------|
| ANDAPA   | RABENARY Jean                 | INDEPENDANT<br>RABENARY JEAN |
| ANTALAHA | NASIRA Julien                 | INDEPENDANT NASIRA<br>JULIEN |
| SAMBAVA  | MAMANGY Norbert               | INDEPENDANT<br>MAMANGY NORBE |
| SAMBAVA  | RAMILSON Ange Richard         | INDEPENDANT<br>MAMANGY NORBE |
| VOHEMAR  | EDIZARD                       | INDEPENDANT FAM              |

**Faritra AMORON'I MANIA**

| DISTRIKA           | ANARANA SY<br>FANAMPINANARANA            | ANTOKO                       |
|--------------------|--|------------------------------|
| AMBATOFINANDRAHANA | RAZANAMAHASOA Christine<br>Harijaona     | IRD                          |
| AMBOSITRA          | ANDRIATAHINANOMENJANAHARY<br>Felicien    | INDEPENDANT                  |
| AMBOSITRA          | RASOAZANANERA Marie Monique<br>Ernestine | INDEPENDANT<br>RASOAZANANERA |
| FANDRIANA          | RASOLOMAMPIONONA<br>Hasimpirenena        | IRD                          |
| MANANDRIANA        | ANDRIANJANAHARY<br>Fanomezantsoa         | INDEPENDANT<br>ANDRIANJANAHA |

**Faritra ATSIMO-ATSINANANA**

| DISTRIKA     | ANARANA SY FANAMPINANARANA          | ANTOKO                      |
|--------------|-------------------------------------|-----------------------------|
| BEFOTAKA SUD | RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol     | IRD                         |
| FARAFANGANA  | FELICIEN Randrianantenaina          | INDEPENDANT COLONEL FELICIE |
| FARAFANGANA  | RAHERIARIJAONA Régina Clarisse      | IRD                         |
| MIDONGY SUD  | TOVONDRAY Retsanga Brillant De L Or | INDEPENDANT TOVONDRAY Rets  |
| VANGAINDRANO | RAMAHANDRISOA Edu Edmond            | IRD                         |
| VANGAINDRANO | JOHASY RAHARISOA Eléonore           | INDEPENDANT VANGAINDRANO T  |
| VONDROZO     | ANDRIANAMBININA Djohary Lee         | INDEPENDANT ANDRIANAMBININA |

**Faritra HAUTE MATSIATRA**

| DISTRIKA       | ANARANA SY FANAMPINANARANA             | ANTOKO                     |
|----------------|--|----------------------------|
| AMBALAVAO      | RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian | IRD                        |
| AMBOHIMAHASOA  | RASOAMALALA Honorine                   | IRD                        |
| FIANARANTSOA I | RAJOELINA Andriami-harimanana Seth     | IRD                        |
| FIANARANTSOA I | RAVELOSON Guillaume Narindrasana       | IRD                        |
| ISANDRA        | VOAHANGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie La    | IRD                        |
| IKALAMAVONY    | RAHARIMAMPIONONA                       | INDEPENDANT RAHARIMAMPION  |
| VOHIBATO       | RANDRIANATOAVINA Jean Martin           | INDEPENDANT COLONEL MARTIN |
| LALANGINA      | RIVOTIANA Richard Jean Bosco           | IRD                        |

**Faritra IHOROMBE**

| DISTRIKA | ANARANA SY FANAMPINANARANA      | ANTOKO                     |
|----------|---------------------------------|----------------------------|
| IAKORA   | RAKOTONIRINA Jimmy Joe          | INDEPENDANT JIMMY          |
| IHOSY    | RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André | INDEPENDANT PATRAIKY MANAG |
| IVOHIBE  | RANDRIANARISON Temis Tocle      | IRD                        |

**Faritra VATOVAVY-FITOVINANY**

| DISTRIKA    | ANARANA SY FANAMPINANARANA                | ANTOKO             |
|-------------|---|--------------------|
| IFANADIANA  | ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana<br>James Pierrot | IRD                |
| IKONGO      | RAZAFINTSIANDRAOFA Jean<br>Brunelle       | IRD                |
| MANAKARA    | RASIDIMANANA                              | INDEPENDANT RASIDY |
| MANAKARA    | ANDRIANO Giscard                          | IRD                |
| MANANJARY   | ANDRIANANDRASANA Norbert<br>Marie Ignace  | IRD                |
| MANANJARY   | MAMIHAJA Charlot                          | INDEPENDANT HAJA   |
| NOSY VARIKA | BAOFENO Micheline                         | INDEPENDANT CELINE |
| VOHIPENO    | TSABOTOKAY Honoré                         | IRD                |

**Faritra BETSIBOKA**

| DISTRIKA    | ANARANA SY FANAMPINANARANA                | ANTOKO                   |
|-------------|---|--------------------------|
| KANDREHO    | TSIKIVY Adrien                            | IRD                      |
| MAEVATANANA | MBADE Jeannine Gabriel                    | INDEPENDANT MME JEANNINE |
| TSARATANANA | RATSIMANOSIKA Alexandre<br>Andriamananten | IRD                      |

**Faritra BOENY**

| DISTRIKA     | ANARANA SY FANAMPINANARANA               | ANTOKO                       |
|--------------|--|------------------------------|
| AMBATO BOENI | FERNAD Jeannot                           | IRD                          |
| MAHAJANGA I  | RAHANTANIRINA Lalao                      | IRD                          |
| MAHAJANGA I  | NICOLAS Stephan Alphonse                 | INDEPENDANT NICOLAS STEPHAN  |
| MAHAJANGA II | RASALAMA Léon                            | IRD                          |
| MAROVOAY     | RAKOTONDRAVAO Georges                    | IRD                          |
| MITSINJO     | RANDRIAMISA NAINA Marie<br>Nicolas David | INDEPENDANT MICHOU           |
| SOALALA      | SAID ZAKANIAINA Mahafaly<br>Joseph       | INDEPENDANT<br>SOALALA MANDR |

**Faritra MELAKY**

| DISTRIKA     | ANARANA SY FANAMPINANARANA | ANTOKO                        |
|--------------|----------------------------|-------------------------------|
| AMBATOMAINTY | MANOLOSOA Felix            | IRD                           |
| ANTSALOVA    | VELOMAHAZO Patrice         | IRD                           |
| BESALAMPY    | MAMIZARA Yasmirah Loeticia | INDEPENDANT<br>MAMIZARA YASMI |
| MAINTIRANO   | AFAKANDRO Alphonse         | IRD                           |
| MORAFENOBE   | VONINAHITSY Jean Eugène    | RPSD VAOVAO                   |

**Faritra SOFIA**

| DISTRIKA         | ANARANA SY FANAMPINANARANA | ANTOKO |
|------------------|----------------------------|--------|
| ANALALAVA        | DJAOSERA Irénée            | IRD    |
| ANTSOHIHY        | REMI                       | IRD    |
| BEALANANA        | VOLAHAINGO Marie Thérèse   | IRD    |
| BEFANDRIANA NORD | JONAH Parfait Prezaraly    | MATITA |

|             |   |                               |
|-------------|---|-------------------------------|
| MAMPIKONY   | RAPHAELIEN Solofoniaina<br>Emilien Narson | INDEPENDANT<br>RAPHAELIN SOLO |
| MANDRITSARA | RASOLOMANANA Beby Olivier                 | IRD                           |
| PORT-BERGE  | VELONTSARA Paul Bert                      | IRD                           |

### Faritra ALAOTRA-MANGORO

| DISTRIKA       | ANARANA SY<br>FANAMPINANARANA        | ANTOKO                       |
|----------------|--------------------------------------|------------------------------|
| AMBATONDRAZAKA | RAKOTONDRAZAFY José Alain            | IRD                          |
| AMBATONDRAZAKA | RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle        | TIM                          |
| AMPARAFARAVOLA | RABEKIJANA Solofo Hery               | TIM                          |
| AMPARAFARAVOLA | RAMAROSOA Emiline                    | IRD                          |
| ANDILAMENA     | RAKOTOARIMANANA Patrice              | INDEPENDANT<br>RAKOTOARIMANA |
| ANOSIBE AN'ALA | BERNANDO Germain Berton<br>Ndrianasy | MDM                          |
| MORAMANGA      | RAKOTONIRINA Augustin                | INDEPENDANT DG<br>AUGUSTIN   |
| MORAMANGA      | RAJAOBELINA Lova Herizo              | IRD                          |

### Faritra ANALANJIROFO

| DISTRIKA          | ANARANA SY<br>FANAMPINANARANA           | ANTOKO                        |
|-------------------|---|-------------------------------|
| FENERIVE EST      | MICHELLE Bavy Angelica                  | IRD                           |
| FENERIVE EST      | MOHAMAD Ahmad                           | IRD                           |
| MANANARA NORD     | RASOLONIAINA Robert                     | INDEPENDANT<br>RASOLONIAINA R |
| MAROANTSETRA      | DINAH Romual                            | IRD                           |
| SAINTE MARIE      | RAVONTY Tam Teon Luc Urbain             | IRD                           |
| SOANIERANA IVONGO | RAMAMONJISOA<br>RAKOTONIRINA Jhon Wha   | IRD                           |
| VAVATENINA        | RAZANADRABEARIMANANA<br>Jacques Aurelie | IRD                           |

**Faritra ATSIANANA**

| DISTRIKA              | ANARANA SY FANAMPINANARANA  | ANTOKO                       |
|-----------------------|-----------------------------|------------------------------|
| ANTANAMBAO MANAMPOTSY | RANDRIANARIVELO Justin Abel | IRD                          |
| BRICKAVILLE           | SATRA Augustin              | INDEPENDANT SATRA            |
| MAHANORO              | RAKOTOSON Hubert            | IRD                          |
| MAROLAMBO             | RANDRIANASOLO Augustin      | INDEPENDANT RANDRIANASOLO    |
| TOAMASINA I           | NAHARIMAMY Lucien Irmah     | IRD                          |
| TOAMASINA I           | RATSIRAKA Iarovana Roland   | MTS                          |
| TOAMASINA II          | ROILAHY                     | IRD                          |
| VATOMANDRY            | RAZAFINANDRASANA Raulan     | INDEPENDANT RAZAFINANDRASANA |

**Faritra ANDROY**

| DISTRIKA         | ANARANA SY FANAMPINANARANA        | ANTOKO                         |
|------------------|-----------------------------------|--------------------------------|
| AMBOVOMBE ANDROY | MILAVONJY Andriasy Philibert      | INDEPENDANT MILAVONJY ANDRIASY |
| AMBOVOMBE ANDROY | HENRI Jean Michel                 | IRD                            |
| BEKILY           | JEAN Daniel Dit Manjosa           | IRD                            |
| BELOHA ANDROY    | RANDRIA Joseph                    | INDEPENDANT RANDRIA JOSEPH     |
| TSIHOMBE         | MASY Goulamaly Marie Jeanne D'arc | INDEPENDANT MASY GOULAMALY     |

**Faritra ANOSY**

| DISTRIKA      | ANARANA SY FANAMPINANARANA    | ANTOKO                     |
|---------------|-------------------------------|----------------------------|
| AMBOASARY SUD | ANGELE Solange                | INDEPENDANT ANGELE SOLANGE |
| BETROKA       | RANDRIANASOLO Jean Nicolas    | GJMP                       |
| TAOLANARO     | ZAFINANANDRO Perle Bien Aimée | IRD                        |
| TAOLANARO     | RATSIMANDRIONA Aida Hardy     | IRD                        |

**Faritra ATSIMO-ANDREFANA**

| DISTRIKA       | ANARANA SY FANAMPINANARANA           | ANTOKO                     |
|----------------|--------------------------------------|----------------------------|
| AMPANIHY OUEST | IDEALSON                             | INDEPENDANT IDEALSON       |
| AMPANIHY OUEST | TSARADIA Marco                       | INDEPENDANT IDEALSON       |
| ANKAZOABO SUD  | PEPIN MICHOU                         | IRD                        |
| BENENITRA      | RANDRIANANDRAINA Théophile Christian | INDEPENDANT RANDRIANANDRAI |
| BEROROHA       | NAKANY Charly Zafimagnely            | IRD                        |
| BETIOKY SUD    | RABENIRINA Jean Jacques              | IRD                        |
| MOROMBE        | RAKOTOMALALA Lucien                  | IRD                        |
| SAKARAHHA      | RAZAKANDRAINY Henri Dominique        | IRD                        |
| TOLIARY I      | RABEHAJA Jean                        | INDEPENDANT RABEHAJA JEAN  |
| TOLIARY I      | RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry   | IRD                        |
| TOLIARY II     | ROCHELIN Houssen                     | IRD                        |
| TOLIARY II     | TSITARA Rogers Osman                 | INDEPENDANT TSITARA ROJERS |

**Faritra MENABE**

| DISTRIKA             | ANARANA SY FANAMPINANARANA         | ANTOKO           |
|----------------------|------------------------------------|------------------|
| BELO SUR TSIRIBIHINA | RABEMANANTSOA Herilala<br>Jeannot  | IRD              |
| MAHABO               | RAVELOSON Ludovic Adrien           | INDEPENDANT LEVA |
| MANJA                | FIENENA Richard Désiré             | IRD              |
| MIANDRIVAZO          | RICHARD Tsimahalefy<br>Alexandrine | IRD              |
| MORONDAVA            | CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot         | IRD              |

**Andininy faha 7-** Izao didim-pitsarana izao dia hampahafantarina ny Filohan'ny Repoblika, Ny Filohan'ny Antenimierandoholona, ny Praiminisitra sady Lehiben'ny Governemanta, havoaka amin'ny tranonkalan'ny Fitsarana etoana sy amin'ny gazetim-panjakan'ny Repoblika ary hatao petadrindrina ao amin'ny foiben-toeran'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana.

Nifampidinihana araka izany tao amin'ny foiben-toerany, mba hambara amin'ny fotoam-pitsarana ampahibemaso, ny talata roa jolay taona sivy ambin'ny folo sy roa arivo, tamin'ny efatra ora tolakandro, ka ireto avy no tao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana:

Andriamatoa RAKOTOARISOA Jean-Eric, Filoha

Andriamatoa TSABOTO Jacques Adolphe, Mpanolotsaina Avo

Andriamatoa TIANDRAZANA Jaobe Hilton, Mpanolotsaina Avo

Ramatoa RAMIANDRASOA Véronique Jocelyne Danielle, Mpanolotsaina Avo

Andriamatoa DAMA Andrianarisedo Retaf Arsène, Mpanolotsaina Avo

Ramatoa RANDRIAMORASATA Maminirina Sahondra, Mpanolotsaina Avo

Andriamatoa ZAFIMIHARY Marcellin, Mpanolotsaina Avo

Ramatoa RABETOKOTANY Tahina, Mpanolotsaina Avo

Ary natrehin'i Maître RALISON Samuel Andriamorasoa, Lehiben'ny Firaketantsoratra.

**Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, ZOKIOLONA**

Misaotra an'Andriamatoa Zandriolona isika tamin'ny famakiany ny ampahany tamin'ny Didim-pitsarana nanamabarana ny fahalanian'ny Solombavambahoaka teo.

- 4 -

**- LAHATENIN-DRAMATOA SOLOMBAVAMBAHOAKA ZOKIOLONA -**

Andriamatoa Lehiben'ny Governemanta,

Andriamatoa Filohan'ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy,

Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony miaro ny Demokrasia sy ny Tany tan-dalàna,

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona,

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena miahay ny zon'olombelona,



Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina, Andriamatoa sy Ramatoa isany, Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta, lanareo olo-manan-kaja ambony, sivily sy miaramila izay manatrika etoana, lanareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa,

Tompokolahy sy Tompokovavy hajaina,

Midera manokana an'Andriamanitra isika ary isaorana mandrakizay ny Anarany; fa antoky ny fahatanterahan'ny zava-drehetra nahatafavory antsika eto indray amin'ity anio ity. Manarak'izany dia arosoko ny azafady, atolotro ny azatsiny ary arosoko koa ny azafondro manoloana anareo vory manatrik'eto. Sady fangatahan-dàlana hono izany azafady izany no fifanajàna ho antsika Malagasy, ka ombay làlana re Tompoko, fa hiteny eto anatrehanareo.

Ambara aminareo koa fa tsy nisora-tena toa voatango aho raha miteny mialoha eto fa noho ny taonako nomen-Janahary ahy ary noho ny Lalàna velona mandidy ny tenako mialoha eto anatrehanareo amin'izao fotoam-pivoriana manokana eto amin'ny Antenimierampirenena izao dia raisoko ny andraikitra.

Koa noho izany Tompokolahy sy Tompokovavy, tsy rombahana ity teny ity fa teny nomena izy ity ka mahasolanga, fa raha tsy nomena kosa dia mahajoko ary atao tsara tsodrano avy aminareo raha sitrakareo, Tompokolahy sy Tompokovavy.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy,  
Olo-manan-kaja tonga manotrana etoana,  
lanareo Solombavambahoaka hajaina isany.

Etỳ am-piandohana dia rariny loatra raha toa aho ka hanolotra ny fiarahabana fohy ho antsika rehetra tsy misy an-kanavaka.

Miarahaba manokana koa antsika Solombavambahoaka rehetra lany tamin'ny fifidianana natao ny 27 may 2019 manatrikaeto ary manolotra ny firarian-tsoa ho antsika rehetra hahatontosa antsakany sy andavany ny adidy napetraky ny vahoaka amintsika izay adidy masina loatra.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Araka ny efa nambara tetsy aloha dia eo amin'ny lafiny ara-taona no handraisako ny fitenena mialoha eto; koa tsy hisorona aho ary horaisiko amim-panetrehana-tena izany andraikitra izany. Hifamarafara isika, mba hitsinjovana ny ho avy milamina.

Koa amin'ny maha Zoky ahy, lohany amin'ireo nateraky ny vahoaka ato amin'ity Antenimierampirenena ity sy noho ny traikefa maro vokatry ny fandalovana tato amin'ity Andrimpanjakàna ity sy ireo andraikitra maro efa nosahanina dia heveriko fa manana Zo sy Adidy ny tenako handefa hafatra dieny izao fiandohana izao mba hizorantsika amin'ny làlan-tsara eo am-piantrehana ny asa rehetra izay hatao amin'ny maha Solombavambahoaka antsika. Raha mataho-potaka mantsy, fahavaratra isika hoy ny fitenenana dia manao aro-riaka mialoha, aro-riaka ririnina.

Voalohany amin'izany, miainga avy amin'ny tantara izay niteraka antsoantso avy amin'ny vahoaka ka nohamafisin'ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana tamin'ny lahateniny farany teo fa mila haverina amin'ny laoniny ny hasin'ny Antenimierampirenena.

Marina tokoa izany ary tsy anjarako ny mitsara ny zava-nisy teo aloha fa raha ny vokany kosa dia ireny niarahantsika nahita ireny fa nihena izay tsy izy ny taham-pandraisan'anjaran'ny mpifidy antsika amin'ny ankapobeny.

Koa manana adidy tokoa isika izao ankehitriny izao manarina ny lesoka ary tsy hiverina amin'izay fanao tsy nety tany aloha intsony.

Izany Solombavambahoaka izany no tokony Andrimpanjakàna filamatra eto amin'ny tany sy ny Firenena. Tsy eo amin'ny lafiny pôlitika ihany izany fa indrindra indrindra koa eo amin'ny lafiny Soatoavina sy ny Fahendrena Malagasy ary mifanindran-dàlana amin'izany mazava ho azy ny tsy maintsy hanajàntsika ny etika sy ny deontolozia eo amin'ny mpikambana ato amin'ny Antenimierampirenena.

Anjarantsika ato no mitarika ireo Andrimpanjakana hafa izay no tokony ho izy raha hiainana tsara ny foto-kevitra ny fisaraham-pahefana; indrindra moa ny lafiny fanajana ny fanarahandalàna mandritra ny asa sy ny andraikitra sahanintsika ato dia tsy azo amaivanina mihitsy fa tsy maintsy mampiseho ohatra ny Antenimierampirenena amin'ny maha Andrimpanjakana mpanao lalàna azy sy hiasan'ny olom-boafidin'ny vahoaka Malagasy azy. Tokony hohaintsika ohatra ny mitrandraka ny traikefan'ireo teknisiana ato amin'ny Antenimierampirenena; hisy rahampitso Alarobia 17 Jolay 2019 izao, andro natokana hampahafantarana antsika Solombavambahoaka ny anjara andraikitra ny fandraharana eto amin'ny Antenimierampirenena, hisy "brochures" sy "dépliants" hozaraina amintsika ao mampahafantatra sahady ny anjara andraikitra ny Birao sy ny Vaomiera Maharitra, ny Mpampakateny, ny Vondrona Parlemantera, sns ... Koa manasa ny Solombavambahoaka sahady mba hanatrika sy hanao izany fotoana izany ho zava-dehibe.

Hovoafidy tsy ho ela izay ho Filoha sy Birao Maharitra hitarika ny Antenimierampirenena ka ny hafatro dia tsara raha hajaina ny Lalàna sy ny fitsipika rehetra mifehy ity Andrimpanjakana ity mba tsy hizarana amin'ny lalàn-diso.

Raha ny mifehy antsika ato dia ny Lalàmpanorenana mazava ho azy, ao koa ny Lalàna Fehizoro mikasika antsika ary ny Fitsipika Anaty sy ireo tovana miaraka aminy.

Betsaka amintsika no efa teto tamin'ny fotoam-panaovan-dalàna teo aloha ary anisan'izany ny tenako; ao mihitsy aza ireo izay efa niverina matetika. Koa ny andrasan'ny olona amintsika dia tsy hanome ohatra tsy mendrika sanatria hotahafin'ireto Solombavambahoaka vaovao namantsika vao tonga ireto fa kosa hijoro ho zokiny hanome ohatra, hanome torolàlana mendrika ny zandry izay vao herotrerony sy lany vao omaly hizara ireo traikefa izay tsara ary mila hampitaina aminy.

Koa mirary soa sahady ho an'izay Birao vaovao ho avy eo. Izay ho lany eo anie dia ho Ray na ho Reny ary hitondra an'ity Andrimpanjakana ity amin'ny toerana tokony hisy azy amin'izay. Mpitarika izay hahatafarina ny hasin'ny Antenimierampirenena mba hahatonga azy ho reharenan'ny vahoaka sy ny Firenena ary ho fanoitra ho amin'ny fampandrosoana.

Tsy ho mora anefa izany amin'ny maha Lapan'ny Demokrasia an'ity Antenimierampirenena ity fa mila finiavana lehibe avy amin'ny tsirairay saingy horaisiko ny teny ao amin'ny Baiboly ao amin'ny bokin'i Romana toko faha-8 izay manambara hoe: "raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hasakana ny dia na hahatohitra antsika?".

Mamerina ny firarian-tsoa ho antsika Solombavambahoaka namana, mpiara-miasa tsy ankanavaka rehetra; mirary antsika hitoeram-pahasalamana mandrakariva, harahan-joto sy fahavitrihana eo am-panatanterahana ny adidy masina napetraky ny vahoaka sy ny Firenena amintsika.

Mirary soa ihany koa ny fahasalamana, ny fahasoavana sy ny fiadanana ho anareo izay tonga manatrika etoana mpitondra Andrimpanjakana sy solotenan'ny Andrimpanjakana, mpikambana ao amin'ny Governemanta ary ianareo rehetra olo-manan-kaja nasaina na sivily na miaramila; ho anareo rehetra mpiasa ato amin'ny Antenimierampirenena.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Masina ny Antenimierampirenena.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ambarako fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ity fivoriana manokan'ny Antenimierampirenena ity.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Tiana ny mampahatsiahy antsika rehetra arak any efa voalazako tamin'ny kabariko teo fa hisy ny varavarana misokatra hataon'ny Antenimierampirenena manomboka rahampitso Alarobia 17 jolay 2019 hatramin'ny Zoma 19 jolay 2019 izay entina hampahafantarana ny andraikity ny fitantanan-draharaha isan-tsokajiny eto amin'ny Antenimierampirenena ary ho fanangonana ny mombamomba antsika Solombavambahoaka sy ny andraikitra izay hosahanintsika.

Koa entanina isika rehetra ho tonga hitsidika izany.

Izay no lava, izay no fohy fa mbola mamerina fisaorana ho anareo olo-manan-kaja isan-tsokajiny tonga nanotrana sy nanome voninahitra izao lanonam-panokafana izao.

- 5 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

**Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, ZOKIOLONA**

Mialohan'ny hiatoan'ny fivoriana, manasa antsika rehetra izay nahazo fanasana mba hiarahiala hetaheta ao amin'ny "Caféteria"-n'ny Antenimierampirena.

Hitohy amin'ny 3 ora, tolak'andro, ny fandaharam-potoana manaraka.

Miato hatreo ny fivorianty.

Niato tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa ZOKIOLONA.

NY SOLOMBAVAMBAHOAKA ZOKIOLONA



**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**

NY SOLOMBAVAMBAHOAKA ZANDRIOLONA



**TSARADIA Marco**